




# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 11 Jolay 2019 | Laharana 928 | Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Jehovah, Madagasikara 07 jolay 2019, hafatra manokana ho an'ny Malagasy mifaly 5

¼-dàlana Can 2019 5

## Miara-mirona

## Barea indray anio alina



Kongresy nasionalin'ny TIM 2

## Hanana filoha lefitra

## nasionaly avokoa ireo faritra 22



JEAN-LUCE RANDRIAMIHOATRA 2

### Tsy tokony ho totofana ny sompitra




Hosoka tamin'ny fifidianana 4

### Hanao hetsika ny "Hetsiky ny olom-pirenena..."

Jiolahy 3 lahy 6

### Nanolana vehivavy bevohoka 2 volana

**Daka kely**

Milingilingy ery nareo ry Boaikely eny amin' ny Pyramida nefa ny vahoaka ramaka a !

Jacob Haingonirina (Rnm - Tvm / Cua) 8

### Mandria am-piadanana Jakoba



KONGRESY NASIONALIN'NY TIM

## Hanana filoha lefitra nasionaly avokoa ireo faritra 22

Hanao kongresy nasionaly eny amin' ny Magro Tanjombato ny zoma sy sabotsy ho avy izao ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Mahafeno ny fepetra rehetra hijoroana amin'ny maha mpanohitra azy ny antoko Tiako i Madagasikara, na ny TIM, hoy ny sekretera jeneralin'ny antoko, Olga RAMALASON omaly teny Bel'Air Ampandrana, nandritra ny tafa nataony tamin'ny mpanao gazety. Fitaovana ahafahana manara-maso sy manitsy ny asan'ny fahefana mpanatanteraka ny fananana ireo solombavambahoaka voafidy arapomba demokratika, hoy izy. Ho fanavaozana ny rafitry ny antoko sy handaniana ireo fitsipi-pitondrana eo anivon'ny antoko TIM dia hanatanteraka kongresy nasionaly izy ireo ny zoma faha 12 sy ny sabotsy faha 13 jolay izao, eny amin'ny Magro Tanjombato. Aorian'ny kongresy nasionaly izay ho tanterahana eto Antananarivo izao dia hisy ny rafi-pitantanana vaovao hitarihana ny antoko TIM isam-paritra, izany hoe hanana filoha lefitra avokoa ireo faritra miisa 22 eto amintsika, ao anatin'ny birao politika nasionaly, miaraka amin'ny filoha nasionaly, ny sekretera je-neraly,... Ny hanatanterahana izao kongresy nasionaly izao no midika, fa antoko matanjaka indrindra eto amin' ny firenena ity antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ity.



*Ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM am-perinasa, Olga Ramalason.*

***Isambilo***

Liva, Kmfb

## Ny fifampiresahana no miantoka fanjakana matanjaka

**Mitondra ny heviny mahakasika ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana indray i Liva avy amin'ny KMFB:**

Samy tia tanidrazana avokoa ny olom-pirenena tsirairay avy ; na olontsotra, na mpanao pôlitika, na mpitondra fanjakana. Samy ny tombotsoan'ny firenena sy ny vahoaka avokoa no katsahana. Maro ireo filoham-pirenena efa nitondra nifandimby teto Madagasikara. Tao anatin' izany dia nisy foana ireo fanehoan-kevitra izay nitaky ny hanaovana dinika fifampiresahan'ny samy Malagasy na dia niseho tamin'ny endrika samy hafa aza izany. Tsy nety tanteraka anefa izany noho ny antony maro. Teo ohatra ny hambompo diso toerana teo amin'ireo filoha izay nitondra, ka nihevi-tena hahavita samy irery ny fampandrosoana ity firenena ity. Tetsy ankilany ihany koa ny baiko avy tamin'ireo vahiny mpanjanaka hatrizay, izay tsy namela antsika malagasy mihitsy hifandinika, satria matahotra mafy izay mety ho fahatsiarovan-tsaina sy fifankatiavan'ny samy tera-tany malagasy izay mitondra ny malagasy mankany amin'ny fahafahana sy tena fampandrosoana marina. Tsy misy firenena miady an-trano mandrakizay izany, fa tsy maintsy fifampiresahana sy dinika no hiafarany. Ho an'Andriamatoa Liva, dia tombony ho an'ny mpitondra ankehitriny no manao sy manatanteraka io dinika samy malagasy io, satria hanamora ny asany izany rehefa ny malagasy manontolo tokoa no miaradia aminy. Sady hahamarintoerana sy hanamafy ny seza fiandrianany izany raha tena tia tanindrazana sy sahy mijoro tokoa izy. Mila manetry tena ny olom-pirenena tsirairay ary tokony hanaiky fa ny « Dinika Fampandrosoana Ifotony » eo amin'ny samy malagasy ihany no lalana tokana miantoka ny tombontsoan'ny firenena sy ny vahoaka malagasy ary hananantsika fanjakana matanjaka tsy baikon'ny atsy na ny aroa, mba tsy ho firenena miaro ny tombontsoan'ny vahiny lava tahaka izao zava-misy ankehitriny izao foana.

***Nangonin'Isambilo***

Raharaham-pirenena

## Tsy tokony ho variana an-kazo tokana isika

Saika mirona mankany amin'ny fihaonan-dalao ataon'ny Barea avokoa amin'ny ankapobeny ny saina sy fon'ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao. Fahombiazana no hita hatreto ary mbola miandrandra ny hitohizan'izany ny rehetra, indrindra ny mpankafy io taranja iray io. Zary saika adino sy takontakona araka izany ny zava-dehibe mahakasika ny fiainam-pirenena sy ny vahoaka kanefa tsy tokony ho izany. Tsy tokony ho « variana an-kazo tokana » isika, fa raha izany dia ho mora amidin'ny hafa ary ho mora tratrany ny tanjona kendreny eto amin'ity firenentsika ity. Zava-dehibe ny baolin'i Barea, fa mila mijery ny tranga hafa ihany koa izay mbola olana lehibe eto isika. Ary tsy izany ihany fa izay tranga mety hiteraka olana raha tsy misy aroriaka dieny izao. Iray amin'izany ny zava-misy eny amin'ny lapan'i Tsimbazaza amin'ireto solombavambahoaka tsy ahitana fifandanjana arak' isa, ary midika koa izany fa sarotrarotra ny fifandanjan-kery. Hanao ahoana ny ho fizotran'ny adihevitra sy fandraisana fanapahan-kevitra ho hataon'izy ireo amin'ny volavolan-dalàna samihafa? Hahafa-po ny vahoaka solon'izy ireo vava ve? Hampita marina ny hetahetan'ny vahoaka rehetra nanolotra fahefana azy ireo ve izy ireo sa ny tombontsoan' ny antokony no ho harovany toy izay efa nisy teo aloha? Ny fanahian'ny mpitondra fivavahana ary efa narosony avy hatrany ho aroriaka dia ny fandavana marindrano tsy misy adihevitra ny amin'ny fandaniana lalàna mifanohitra amin'ny finoana kristiana sy ny Soratra Masina voarakitra ao amin'ny Baiboly. Mazava be ny amin'iny fanehoan-kevitra iny, ary ho an'ny mpandinika dia matoa mandroso teny mialoha toy izany ny fiangonana dia misy raha mampanahy azy ao, fa tsy mandehandeha ho azy izany. Tsy ny eny anivon'ny fiangonana ihany anefa no misy fanahiana fa ny olom-pirenena maro amin'io sehatra io.

Etsy ankilan'izay, mbola olana tanteraka ny fiainana ara-tsosialim-bahoaka. Miziriziry tsy midina ny sondrobidim-piainana hatreto ary tsy hita mangirana akory izay entana fanjifa andavanandro hihem-bidy. Ny ahiana dia mbola hisondrotra izany ato ho ato satria niaka-bidy ny vidin'ny arina na saribao fandrehitra fandrahoankanina. Misy fiantraikany mivantana any amin'ny kitapom-bolan'ny isantokantrano io ary tsy maintsy hipaka any amin' ny vidim-piainana andavanandro izany na tiana na tsy tiana. Zavatra goavana mitatao amin'ny fiainam-bahoaka izany ankehitriny, ka tsy tokony ho varivariana na eo aza ity resaka baolina kitra ity. Na hisy aza ny fahombiazan'ny ekipam-pirenena Malagasy any amin'ny CAN izao, ary izay aloha no irariana fatratra, dia tsy hanova n'inona n'inona amin'ireo olam-bahoaka ireo izany.

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy fakafaka

## Misy manao fitaovana politika ny Barea

Arahabaina manokana ny ekipam-pirenena Malagasy, ny Barean'i Madagasikara sy ny vahoaka Malagasy tsy vaky volo, nahatafita iny dingana lehibe iny, tamin'ny niakarana ho amin'ny ampahefa-dalana ary ny irariana dia ny hibata ny fandresena hatramin'ny farany. Ny tiana hambara amintsika mpanaraka ny raharaham-pirenena sy ny mpitia baolina kitra eto dia lasa ataon'ny sasany fitaovana politika ny ekipam-pirenentsika satria ny filoham-pirenena ihany no isaorana manokana fa tsy ny mpilalao Barea. Takona tanteraka ny Barea fa izay miteny dia ny fankasitrahana ny filoha no atao drindrangilo, ohatran'ny hoe, izy indray no mpilalao Barea nahafaty baolina teny an-kianja. Sanatria tongombolo avokoa ny hafa nanampy ara-bola , ara-moraly , ara-pitaovana ny ekipam-pirenena, fa ny fanomezana avy any amin'ny filoha Andry Rajoelina hatrany no asongadina. Izay ilay fomba fanao ratsy manimba ny tontolon'ny fanatanjahantena eto amintsika. Lasa fanasohasoana sy fisolelahana no betsaka ary aoka hazava fa ekipam-pirenena Malagasy ny Barea, izany hoe, an'ny vahoaka Malagasy, fa tsy ekipan'ny TGV sy ny Mapar akory. Ny mpomban'ny fitondrana mantsy dia mihevitra fa raha tsy teo ny filoha Rajoelina , tsy nahavita iny ezaka lehibe iny ny Barea. Notsinontsinoavina hatramin'ny mpanazatra Nicolas Dupuis sy ny namany izay azo lazaina fa angady nananana, iny fandresena miezinezina iny. Tena isan'ny nanampy betsaka ny ekipam-pirenentsika koa ny fanohanana avy eto Madagasikara sy ny Malagasy any ivelany ary ny vahoaka no tokony ho tolorana fisaorana voalohany , ny ambiny manaraka ho azy. Tsy tokony hanao ambanin-javatra izay fanampiana etsy sy eroa, fa aoka kosa tsy atao fijery mitanila ny fiaraha-mientan'ny vahoaka nanerana an'i Madagasikara.

***Rajaonarimpanontsana***

Jean-Luce Randriamihoatra

## Tsy tokony ho totofana ny sompitra

Mitondra ny heviny mo-mba ny fikasan'ny fanjakana Rajoelina, hanoto- tra ny tanimbary eny Ambohitrimanjaka: Betsimitatatra iny, ny olom-pire- nena Jean Luce Randriamihoatra. Ambarany fa tsy tokony ho totofana ny sompitr'Antananarivo sady sompitr'i Madagasikara ihany koa dia ny lemak'i Betsimitatatra. Tsy ianareo mpitondra sy ny vahiny akory hoy izy no hiseho hanjakazaka eto amin'ny TanindRazanay. "Tsy hainao ve ry ministra Hajo Andrianainarivelo, no manoro an'ity fitondrana ity fa efa voavolavola hatry ny ela ny Tetikasa "Villes Nouvel-les" eny Avaradrano izay niarahan'ny Ben'ny Tanàna maro ?" Noho izay antony izaay nisy ny fihaonan'ny mponin'Ambohitrimanjaka-Anosimanjaka (Ambohidrape- to) teo anoloan'ny Tranompokonolona Ambohitrimanjaka ny faran'ny herinandro teo, nanomboka tamin'ny 1 ora sy sasany, nifampidinihan' izy ireo ny amin'ny ho avin' ny Sompitra dia ny lemak' I Betsimitatatra. Tsy nisy hatrizay ny Vahiny tafakatra Vohitra teto Ambohitrimanjaka izany hoy ihany ny fanamarihana nataon'i Jean Luce Randriamihoatra.

***Isambilo***



Ny Valosoa sy hadihady

## Barean'i Madagasikara

# Ho tandroka hanilika ny fisarahambazana sy fifampiandaniana

Tafakatra eo amin'ny ampahefa-dàlana eo amin'ny sehatry ny baolina kitra fiadiana ny amboaran'ny ho tompon-dakan'i Afrika amin' ny ekipam-pirenena ny Barean'i Madagasikara, ka hikatroka amin'ny ekipam-pirenen'i Tonizia anio alina amin'ny folo ora. Sambany eo amin'ny tantaran'ny baolina kitra eto amin'ny Nosy izany. Latsadanja lavitra ny fetim-pirenena, 26 Jona raha oharina tamin'ny nandraisan'ny Malagasy ny fandresen'ny Barea. Ora maro taty aorian'ny fifaranan'ny lalao dia mbola nifaly havanja ny vahoaka maro nanerana ny tanàn-dehibe rehetra, hatrany ivelany koa aza. Tsy nisy resaka hafa-tsy iny baolina iny ny ampitso. Araka ny vaovao anefa dia tsy hafaliana ihany fa nisy tranga hafa nifanohitra tamin'izany satria nisy namoy ny ainy noho ny fihetsehampo diso tafahoatra loatra, ka anisan'izany ny depioten'Atsimondrano teo aloha fantatra amin'ny anarana Jaona Elite. Mifamahofaho anefa ny hevitry ny olona satria etsy an-daniny dia nisy ny nitondra am-bavaka ny Barea ary an-kilany kosa dia misy sahy manevateva ny fivavahana mihitsy any amin'ny tambazotran-tserasera any. Ny filohan'ny Repoblika aza araka ny filazany dia nivavaka, ka rehefa vita hono ny vavaka dia namono baolina ny Barea. Misy mihitsy ny vaovao fa na tany Egypta aza izay dia nivavaka ihany koa. Na izany na tsy izany dia manana fanantenana ny ankamaroan'ny Malagasy fa mbola ho tafakatra amin'ny manasadàlana ny Barea. Araka ny voalaza etsy ambony dia fety be tokoa no nandraisan'ny Malagasy ny fandresena azo hatramin'izao. Ny ankizy no nomena fahafaham-po sy nanao fety tamin'ny fetin'ny fahaleovantena ary tsy nisy fanehoana fitiavan-tanindrazana loatra satria hetsika politika no nandraisan'ny lehibe izany. Amin'izao lalao any Egypta izao kosa dia toa niara-niombom-peo sy naneho fa tena Malagasy tia ny Tanindrazany ary tena mirehareha amin'ny maha Malagasy azy ny rehetra. Tsapa amin'izao toe-draharaha misy izao fa tsy mampiray hina sy mampiara-mientana ny Malagasy velively ny zava-doza mihatra amin'ny Firenena, fahantrana, kolikoly, fandrobana ny harem-pirenena, tsy fandriam-pahalemana, halatra amin'ny fifidianana, sns…Heverin'ny Malagasy fa raharaha politika izany, ka samy maka ho azy ary ody basin'alika ka ny aza voany ihany. Tsy azo lavina fa fantatr'izao tontolo izao ny fisian'izany Madagasikara izany noho ity fiadiana ny tompondakan'i Afrika amin'ny baolina kitra ity ary mampirehareha tokoa izany raha tafakatra amin'ny dingana famaranana ny Barea. Tokony ho ao an-tsaina mandrakariva anefa fa mandalo ihany izao toe-javatra izao. Mitoetra ary mbola hitoetra mandritra ny fotoana tsy voafetra kosa ny zavatra iainan'ny Malagasy izao. Manitikitika ny vahoaka any amin'ny firenen-kafa ny fahafantarana an'i Madagasikara sy izany vahoaka Malagasy izany, ka angamba, ho sarotra ihany ny hirehareha amin'ny maha Malagasy rehefa fantatry ny any ivelany ny tena zavatra iainan'ny vahoaka eto amin'ity Firenena ity. Ny antenaina kosa anefa dia hitohy izao fiaraha-mientan'ny Malagasy izao, ka ho fanoitra hanoherana sy hiadiana amin'izao loza mihàtra amin'ny Firenena izao ity lalao any Egypta ity, ka ho sahy handray andraikitra amin'izay manandrify azy ny tsirairay mahatsapa fa azy Madagasikara, ka hiady amin'ny fanafahana izy.

***Andry Tsiavalona***

FIAINAM-PIRENENA

# Mihemotra ny demokrasia eto Madagasikara

Ririnin-dasa tsy tsaroana ny ezaka nataon'ny filoha teo aloha Zafy Albert , izay voasalotra ny anaram-boninahitra "Rain'ny Demokrasia" sy ny fahendren'ny filoha Marc Ravalomanana, nandefitra sy nanaiky izay voka-pifidianana feno hosoka sy hala-bato nifanesy teto, ka nisian' ny fitoniana ara-politika, izay iainana hatramin' izao isika miteny izao. Mihemotra ny demokrasia satria manjaka tanteraka ny halako bika , tsy tiako tarehy rehefa tsy mitovy hevitra amin'ny fitondrana. Betsaka ireo naiditra am-ponja , noho ny antony ara-politika. Ity fitondran'ny filoha Rajoelina ity no tena zava-doza, ka voatery mialokaloka any an-tranomaizina ankoatra ny fanilihana tsotra izao ny ankamaroan'ny mpanao politika, ny mpiasam-panjakana afindra toerana any an-tany lavitra. Tsy jerena intsony ny maha olona, ka na mpivady izao aza dia voatery misaratoerana , vokatr'izay fanilihana izay ihany. Misy mihitsy aza ireo mpiasa efa niasa ela tao amin'ny ministera maro no voaroaka tamin'ny asany, manampy isa ireo tsy an'asa . Maro an'isa indray ireo solombavambahoaka mpomba ny fitondrana ao amin'ny Lapan'i Tsimbazaza ao ary efa mandeha sahady ny kajikajy politika, fa tsy maintsy ny zareo no hitazona ny toeran'ny Birao maharitra iray manontolo , amin'izay fotoana izay dia tsy hisy na iray aza afaka miteny fa izay lanin'ny be sy ny maro no tsy maintsy harahana ao. Tsy hanjaka mihitsy izany ny ady hevitra ara-demokratika, fa izay vitsy an'isa dia voatapim-bava arak'isa. Lapan'ny Demokrasia anefa Tsimbazaza, ka na inona na inona tsy fitoviana ara-politika, na firy na firy fetr'isan'ny depiote dia heverina fa tokony omena lanjam-pitenenana avokoa ny rehetra. Hevitry ny maro mantsy mahataka-davitra, ka raha tena hitondra fanovana sy fampandrosoana dia izay soa iombonan'ny Malagasy no atao ao antsaina mandrakariva.

***Rajaonarimpanontsana***

Olana tamin'ny fifidianana

# Milaza ho vonona hanitsy ny lesoka ny Ceni

Milaza ho vonona hanitsy ny lesoka tamin'ny fifidianana nisy teto, toy ny tamin'ny fifidianana filoham-pirenena sy ny solombavambahoaka ny Ceni. Raha tsiahivina mantsy, dia tao ireo tsy tafiditra mihitsy tao anaty lisi-pifidianana, tao ireo efa maty nefa mbola tafiditra anaty lisitra, fa teo ihany koa ireo voasoratra indroa tao anaty lisipifidianana teny anivon' ny fokontany. Manaitra ny mpifidy arak'izany ny Ceni mba hanamarina ny anarany eny anivon' ny fokontany alohan'ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina hotanterahina eto Madagasikara ny 28 Oktobra ho avy izao, raha ny tetiandro navoakan'izy ireo. Mbola olana koa anefa hatreto ho an'ireo kandida ben'ny tanàna te-hirotsaka hofidiana sy ireo mba te-ho kandida ihany koa ny antom-bola be loatra. Samy milaza mantsy na ireo efa nitondra, no milaza fa mbola vonona hanohy ny asa fampandrosoana, fa eo ihany koa ireo mitady seza sitrany ho lasa ben'ny tanàna eny aminy. Maro ihany koa anefa ny manahy sao tsy hahazo fanohanana avy amin'ny fanjakana raha vao tsy manohana azy. Mbola kajikajy avokoa ireo satria matahotra ny fivadihan'ny voka-pifidianana ny ben'ny tanàna maro na dia lazaina aza fa fifidianana anaty fahamarinana sy eken'ny rehetra no hisy eto Madagasikara. Andrasana arak' izany indray izay ho vokapifidianana eo satria hatreto aloha dia tsy manaiky ny asan'ny Ceni ny mpanao pôlitika maro eto amintsika, noho ny resaka hala-bato sy ny mbola fampiasana fahefana sy fitaovam-panjakana ihany koa, efa nisy mihitsy moa ny nitaky ny hanovana ireo mpikambana ao amin'ity rafitra mpikarakara fifidianana ity.

***Rajo***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Baolina kitra : tsara raha haverina sokafana indray ny Académie Ny Antsika

Mbola kely zalah t@ zany Andréa Carolus (9) Ibrahim Amada (11) Baggio (10) Urbain (5) nivoaka tao Académie Ny Antsika Antsirabe



**Santatra Rakotomamonjy** : Atoa Filoha Andry Rajoelina, Atoa Minisitra ny tanora sy ny fanatanjahan-tena Roberto Tinoka, tsara haverina sokafana indray ny Académie Ny Antsika Antsirabe. Anisany toerana namoaka mpilalao sangany teto Madagasikara. Fanatanjahantena hambompompirenena.

**Marius Rasamison :** marina loatra tokony haverina sokafana sady mangataka fanohanana fanjakana.

**Jean Chrysostome Rakotoarison** : ny tsara vitan'ny teo aloha tokony hotohizana.

**Tantsaha Mpiompy** : tena miavaka ny mpilalao nandalo sekoly e. Jereo koa ry Bolida (Ajesaia).

**Jonathan Tarzan** : hafa mitsy refa mandalo ecole e, toy izany ry Carolus.

**Christian Ramahenintsoa** : tena marina, tokony hosokafana indray ary tokony hasiana école hafa ankoatra Ny Académie Ny Antsika io koa e!

**Slloos'Art Marson** : zany tokoa, fianarana toy ny fianarana rehetra koa ny baolina kitra.

**Elida Fatima** : vina tsy maintsy ho tanterahina io fa aza matahotra minoa fotsiny ihany, Alefa Barea= Alefa Dada, never give up e!

**RA LJ** : asaivo vitaina aloha gymnase couvert eny @ piste fa tsy atao stock na vary mora fotsiny eo. Fa tsy hoe projet Rajao de avela hiahaka eo, tokony hisy ny fitohizan'ny raharaham-panjakana.

**Jider Randria** : fa nga moa io an 'ny fanjakana?

**Arsène Rakotovao** : Claudio koa mba tao fa tsita tsony. Na izaany na tsy izany, mila fianarana toy ny zava-drehetra koa ny baolina, ilaina ny talenta fa laroina fianarana izany dia ao tsara.

TONONKALO

## MBA LAMASININ`IZA ?

Mba lamasinin`iza ity midorororoo,
Manao izay tiany hatao , tsy mihaino izay atoro ,
Mazàna tia mijapy sy miezaka hamafa,
Ny zavatra mba tsara , izay vitan`olon-kafa ?

Mba lamasinin`iza ity mody tsara ivelany,
Mamiratra jerena , manaitra ny fanjelany ?
Toa mahafatifaty , kinanjo nony hatonina
Dia hay midona-tsetroka , mandoto fiaraha-monina !

Mba lamasinin`iza ity mieboebo ity
Kanefa mampatahotra fa hay korontam-by ?
Tsy ny tahaka izao no mbola antenaina
Hitondra fifaliana sy hamelombelon`aina .

Mba lamasinin`iza , valio hoe aza fady
`Ty feno renty ity no sady be parady ,
Kanefa raha vao niainga dia fantatra sahady
Fa tena lamasinina hamarina any an-kady ?

***DADAN`i ZINA (04-07-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fanadiovana tao amin'ny Boriboritany faha-5 (CUA).





Ny fametahana takelaby famantarana nataon'ny DTMU (CUA), tao amin'ny Boriboritany faha-3.





**CAN 2019**

## Ahiana indray ny vaky trano sy asan-jiolahy anio alina

Tsy kely lâlana ny ratsy satria raha ny tranga nisy teto ny alahady teo dia ny olona mivoaka ny trano sy nifaly fa naharesy, ny jiolahy anefa dia manao ny asa ratsy tamin'ny famakiana trano toy izay nitranga tany Antsirabe farany teo. Anio alina amin' ny fihaonan'ny Barean'i Madagasikara sy ny zareo Toniziana dia ahiana indray ny asan-jiolahy satria ny olona mifaly, ry zalahy manao ny ataony. Tsy vitan' izany fa eo ihany koa ireo manararaotra mangarom-paosy sy manolana rehefa mihorako- raka sy mifaly ny mpanohana ny Barea, ry zalahy ihany koa mba faly manao ny asany. Mila mailo arak'izany ny vahoaka na dia faly sy ravo aza satria ny fifalianao mba fifalian-dry zalahy koa.

***Rajo***

**Hosoka tamin'ny fifidianana**

## Hanao hetsika ny "Hetsiky ny olom-pirenena..."

Nanao fanambarana fanamelohana ny tsy fandraisana andraikitra manoloana ny hosoka sy hala-bato nandritra ny fifidianana solombavambahoaka farany teo ny « Hetsiky ny olom-pirenena miady amin'ny hosoka sy ny fangalarambato amin'ny fifidianana ", izay ahitana ireo kandida sy antoko politika ary vondrona antoko politika maro". Nitafa tamin' ny mpanao gazety izy ireo omaly nampahafantatra ny hetsika hataony. Hihaona amin'ny olompirenena tsy ankanavaka izy ireo, eny amin' ny "Hotel Carlton" Anosy, ny alatsinainy 15 jolay izao ho avy izao, haneho firaisankiana sy hanambara ampahibemaso ny tsy rariny sy ny famadihana ny safidim-bahoaka tamin'ny fifidianana solombavambahoaka teo ireny. Anisan'ny mpitarika ity hetsika ity i Riribe, na Rakotomalala Henri, mpanao politika, anisan'ny ao amin'ny fikambanan'ny gadra politika eto amintsika, sy Pasitera Edouard mpanao politika ihany koa.

***Helisoa***


## Sakafo Ny Valosoa



**Ananambo sy angivy ary henomby** indray no laoka, amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao rony ireo. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ireo soa hafa azo avy amin'ny atody



Tsy hanina ihany no soa azo avy amin'ny atody, fa misy hafa koa toy ny fikarakarana vatana, fanatsarana hoditra indrindra indrindra.

NY TAPOTSINY : afaka hanaovana sarona na masque ho an'ny tarehy manana hoditra matavy satria manakombona ny mason-koditra manazava hoditra ary manala ny acne na mony sy ny points noirs amin'ny tarehy.

Fampiasana azy : afangaro ary kapohina mafy amin'ny fouet ho lasa en neige ny tapotsin'atody iray sy siramamy eraky ny sotro fihinanana. Iny no ahosotra amin'ny tarehy, kosehina mandritra ny 5 minitra ary kobanina tsara avy eo.

NY TAMENANY : afaka anaovana sarona ho an'ny tarehy manana hoditra maina. Izy ity dia fangaro manalefaka sy mahatanora hoditra.

Fampiasana azy : afangaro tsara ny tamenak'atody iray, yaourt natiora 1/2 pot ary tantely iray sotrokely. Rehefa voafangaro tsara ireo dia ahosotra amin'ny tarehy, ka avela eo mandritra ny 10 minitra ary kobanina tsara amin'ny rano matimaty.

NY AKORANY : ho an' ny hoho mora tapaka ihany koa dia azo atao ny mitoto ny akoran'atody ho lasa vovoka. Iny no handrahana kely ao anaty vernis fanosotrao.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Vondrozo any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana

Ny tanànan'i Vondrozo any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana indray no Mahavariana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-renivohitra ity tanàna ity. Azo lazaina ho tsy dia avo ity tanàna ity satria 437 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Faritra mena amin'ny tsy fandriampahalemana izy, satria anisan'ireo faritra saro-dalana eto Madagasikara koa. Vokatra any ny voly fanondrana toy ny kafe, jirofo, dipoavatra, ny vary sy ny haninkotrana isan-karazany.



# Jehovah, Madagasikara 07 jolay 2019, hafatra manokana ho an'ny Malagasy mifaly

Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao.

**Asan'ny Apostoly 8: 8 "Dia nisy fifaliana lehibe tao amin' izany tanàna izany."**

IZAHO JEHOVAH rehefa miasa dia tsy misy mahasakana. Ny fifaliana dia tsy avy amin' olombelona, tsy avy amin' ny fahaizana na fahalalana , tsy avy amin' ny fananam-bola na fananan-karena fa ny FIFALIANA dia avy AMIKO JEHOVAH irery ihany. Aty an-danitra dia misy efitranom-pifaliana ary anjely no miandry izany toerana masina izany. Masina ny fifaliana ary tsy azo afangaro faharatsiana sy fahotana. Raha mifaly hianareo kanefa misy fahotana miaraka aminy dia tsy avy AMIKO izany fifaliana izany fa sandoka ihany. Haiko ny manome fifaliana eo amin' ny tany misy ny olombelona, eo amin' ny firenena, eo amin' ny Fiangonana, eo amin' ny tokantranon' ny olona sy ny ankohonany ary ny fianakaviany. Fantatrao ve ny tantaran' i Davida rehefa namindra ny Fiaran' ny FANEKENA izy? **II Samoela 6: 16** "Ary nony tonga teo an-Tanànan'i Davida ny fiaran'i Jehovah, dia nitsirika teo am-baravarankely Mikala, zanakavavin'i Saoly, ka nahita an'i Davida mpanjaka nibitaka sy nitsinjaka teo anatrehan'i Jehovah; ka dia nikizaka azy tao am-pony izy" Nalatsaka teo amin' ny Zanak' Israely ny fifaliana tamin' izany fotoana izany, tsy nisy nahasakana, tsy nisy nanohitra afa-tsy i Mikala vadin' i Davida irery ihany, **II Samoela 6: 20** "Ary Davida koa mba nody hitso-drano ny ankohonany. Fa Mikala, zanakavavin'i Saoly, nivoaka hitsena an'i Davida ka nanao hoe: Akory ity voninahitry ny mpanjakan'ny Isiraely androany! ilay nanary lamba anikeheo teo imason'ny zanakavavin'ny mpanompony, tahaka ny adala manary lamba ka tsy manankenatra" Fa hoy i Davida namaly azy, **II Samoela 6: 21-23** "Ary hoy kosa Davida tamin'i Mikala: Teo anatrehan'i Jehovah, Izay nifidy ahy noho ny rainao sy ny ankohonany rehetra ka nanendry ahy ho mpanapaka ny Isiraely, olon'i Jehovah, eny, teo anatrehan'i Jehovah no nitsinjahako.Ary mbola hivazina kokoa noho izany aza aho, ka hataoko tsinontsinona ny tenako; nefa hiaraka hanamboninahitra amin'ireo tovovavy nantsoinao ireo kosa aho. Ka dia tsy nanan-janaka intsony mandra-pahafatiny Mikala, zanakavavin'i Sao-ly." Hitanareo amin' izany fa fifaliana avy aty ambony! Ary jereo izay nanjo an' i Mikala fa nihomehy sy nikizatra tam-pony rehefa nahita an' i Davida nitsinjaka kanefa i Davida nandray sy nahazo ary nilatsahan' ilay fifaliana tsy hay notanana. Mbola sombiny sy fanokafan-dàlana ihany izay niseho teo amin' ny firenena Malagasy fa mbola ho avy ilay fifaliana tsy hay tohaina manerana an' i Madagasikara. Misy foana ireo toa an' i Mikala kanefa jereo izay niafarany, tsy nanan-janaka mandrakizay, ratsy izany rankizy. Efa nohazavaiko taminareo hoe: ny Pentekosta anie rehefa nalatsaka dia fifaliana sy fiadanana ary izao no aza hadino : **ity taona iainanareo zanak'olombelona 2019 ity anie ka taona feno e! (FAHATANTERAHANA). Isaia 12.** Ny Paska dia tahaka ny tamin' ny andron' i JESOSY sy ny Apostoly, toy izany koa ny Pentekosta. Izany hoe miverina ny taona, ny volana sy ny andro. Izany moa dia tsy tahakan' ny fanisanareo olombelona fa hafa ny AHY JEHOVAH eny na dia io SABATA io aza. Aza atao mampikorontana anareo ny fanambarana ataoko fa ho avy ny fotoana hahalalanareo ny FAHAMARINANA rehetra izay ao amin' ny FANJAKAKO. Ho avy mantsy ny fotoam-pifohaza ao Madagasikara, ambarako eto sahady fa ny FIFOHAZANA ho avy dia ny fifaliana aloha no alatsako mialoha ilay ASA LEHIBE ary koa miaraka amin' ny FIDERANA manakoako. Indro efa nisy foto- ana nanambarako taminareo nanao hoe : **I Korintiana 13: 9-10** "Fa sombintsombiny ny fahalalantsika, ary sombintsombiny ny faminaniantsika ; fa rehefa tonga ny tanteraka, dia tsy hisy sombintsombiny intsony." Tsy vitanareo na dia izany fampihavanana izany aza. Haiko anefa izany, vitako izany ary hataoko iza- ny sady anjara asako izany. Tsy azon' iza n' iza salovanina na amboamboarina izany fa asan' ny Lanitra. Mba fantatrareo? Aty an-danitra misy toerana isan-karazany ary izay efa nomaniko halatsaka dia indro efa natomboko JEHOVAH. Misy anjely miandry io toerana io, miandry baiko fotsiny ny amin' izay hataoko ambany masoandro. Malagasy ô! Aza avotsotra intsony izay efa azonareo sy atombokareo. Hoy AHO JEHOVAH aminareo : rehefa tonga AHO hanatanteraka ny programako dia HE-RY sy FAHEFANA no hanatanteraka ny zavatra rehetra. Ny asa voalohany atao- ko aloha ry Malagasy dia FAMPIHAVANANA fa tsy mety izao fitsitokotokoana eo aminareo izao. Rehefa nalatsaka teo aminareo ny Pentekosta dia FITIAVANA izany, FIADANANA ary FIFALIANA. Hoy ny **Romana 5: 3-5** "Ary tsy izany ihany, fa aoka isika hifaly amin'ny fahoriana aza, satria fantatsika fa ny fahoriana mahatonga faharetana;ary ny faharetana mahatonga fahatsaram-panahy voazaha toetra; ary ny fahatsaram-panahy voazaha toetra mahatonga fanantenana; ary ny fanantenana dia tsy mampahamenatra, satria ny Fana-hy Masina, Izay nomena antsika, no nentiny nampidina ny fitiavan'i Jehovah ho ao am-pontsika." Tamin' ny adron' i Davida dia teo amin' izy ireo ny Fiaran' ny FANEKENA izay midika hoe eo amin' izy ireo ny FANJAKAKO ary dia fifaliana be teo amin' ny zanak' Israely. **Romana 14: 16-17** "Aoka ary tsy mba hotenenina ratsy ny fahasoavana azonareo. Fa ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy amin'ny fihinanana sy ny fisotroana, fa fahamarinana sy fiadanana ary fifaliana ao amin'ny Fanahy Masina". Hitanareo mpihaino sy mpamaky fa arak' ireo voalaza ireo ary ampiako JEHOVAH hoe : FIFANKATIAVANA, tsy azo afangaro zavatra hafa na amboamboarina sy tefitefena amin' izay itiavana azy fa aoka izay avy AMIKO ihany e! Fantatrareo? Ilay FANJAKAKO aty an-danitra dia FIDERANA sy FIFALIANA ary FIADANANA. Santarinareo eo amin' ny tany izany ary tsy maintsy ho avy. Eto AHO dia efa nampiomana sahady indrindra fa i Madagasikara izay hiatombohan' ny zavatra rehetra izay tsy hisy hanam-po na iza na iza. Indro misy sombintsombiny ambarako aminareo mba tsy ho tampoka aminareo izay ho avy. Rehefa sehatra ka misy sy miaina dia hisy fifaliana sy fiderana an' i JESOSY avokoa : toeram-ponenana, Fokontany, toeram-piasana, toeram-pia- narana, eny amin' ny tontolo malalaka rehetra sy ny Fiangonana ary ny mpino ao aminy. Tsy fifaninanana fa tonga ny fotoanako JEHOVAH. Ka izao misy eo aminareo izao dia efa fanombohan' ny zavatra rehetra. Malagasy ô! Miomàna! Amen

Mbola hitohy.

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY
**Telephone** : 033 12 461 43
**E-mail:** jehovahandriamanitra@gmail.com
**Facebook** : Jehovah Andriamanitra page
**Radio:**
- Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
- Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
- RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

*Toy ny vinaingitra amin'ny nify sy ny setroka amin'ny maso. Dia mba toy izany koa ny malaina amin'izay maniraka azy.*

***Ohabolana 10:26***

### ¼-DÀLANA CAN 2019

# Miara-mirona, Barea indray anio alina



Anio alina amin'ny 10 ora no hotontosaina ao amin'ny kianjan'ny Al Salam Le Caire, Egypta, ny lalao ampahefadàlana farany amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika amin' ny ekipam-pirenena (Can), izay hihaonan'ny « Les Aigles de Carthage » avy any Tonizia sy ny Barean'i Madagasikara. Araka izany dia mitodika any Egypta indray ny mason' ny vahoaka malagasy rehetra anio. Azo lazaina ho nifanojo tamin'ny nandrasan'ny Barea satria dia ny ekipa Toniziana, izay tarihin'ilay mpanazatra kintan'ny baolina kitra frantsay tany amin' ny taona 80, Alain Giresse no hidona aminy amin'ity indray mitoraka ity. Efa vonona tanteraka ry Faneva Ima sy ny namany ary dia ny ora sisa andrasana. Tsiahivina fa dia teo amin'ny fandakàna ny « tirs au but » avokoa no nahatafavoaka an'ireto ekipa roa tonta ireto rehefa samy avy nanao ady sahala tamin' ny ekipa nifandrina taminy. Ny Barean'i Madagasikara nanilika an'i RD Congo ary ny Toniziana nanilika an'i Ghana. Adin' ny samy mpanazatra frantsay ity lalao anio alina ity, ka ho hita eo izay ho tafavoaka hiakatra any amin'ny lalao manasadàlana. Na dia fantatra aza fa kalaza tao amin' ny ekipam-pirenena frantsay fahiny no mitondra ireto Toniziana ireto dia tsy hanaiky mora fa dia hiady mafy ary hametraka paikady hafa ihany koa i Nicolas Dupuis handresena ireto « Les Aigles de Carthage » ireto. Hatreto mbola tsy nandiso fanantena ny Malagasy ny paikady rehetra nentina nandresena ireo nifanandrina tamin'ny Barea, ka inoana fa tsy ho latsa-danja tamin'ireo paikady efa natao no ho entin'ny mpanazatra Nicolas Dupuis sy ny ekipa Malagasy anio. Raha ny fantatra, raha mandresy ny Toniziana anio ny Barea dia mbola hiampy 1.500.000 dolara ny tambin-kasarany na ny « prime » avy amin'ny Kaonfederasiona afrikanina ny baolina kitra (Caf), ankoatra ilay 800.000 dolara izay efa azony noho izao nahatonga azy aty amin'ny ampahefadalana izao, tsy adino ireo avy amin' ny mpanohana . Alefa Barea, alefa Barea!

***Andriam***

### Boriboritany enina (CUA)

# Miara-mientana amin'ny fanohanana ny Barean'i Madagasikara




*Ireo delegen'ny Boriboritany 6 eto Antananarivo.*

Niarahaba sy nirary soa ny ekipam-pirenena Malagasy, ny BAREAN' i Madagasikara, sy ireo vahoaka Malagasy ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny alatsinainy teo. Nisolotena ny Ben'ny Tanànan' Antananarivo Renivohitra Lalao RAVALOMANANA tamin'izany, ireo Delegen'ny Boriboritany enina. Zava-dehibe ho an'ny Malagasy tokoa izao fandresena goavana ho any amin'ny lalao ampahefa-dalana izao ary tena voninahitra lehibe ho an'ny firenena izany, sambany tokoa mantsy ny ekipam-pirenena Malagasy no mandray anjara amin'ny dingana famaranan'ny CAN hoy izy ireo. Nandritra izany no nanararaotan'ireto farany niondrika am-panajana sy nampahery ary nirary fiononana feno ho an'ireo izay namoy ny ainy sy ny fianakavian' ireo niharam-boina noho ny fientanam-po be loatra nandritra ny fijerena izany lalao CAN 2019 izany. Araka ny nambaran'ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany, Lantoniaina RANDRIAMAMONJY dia maro ireo fandraisana andraikitry ny Kaominina Antananarivo Renivohitra nandritra ny fijerena mivantana ny lalao teto an-dRenivohitra toy ny famoahana ireo fitaovan'ny mpamonjy voina maro toy ny "ambulance" sy ireo fiara mpamonjy voina maro, ankoatra izay ihany koa dia nanampy tamin'ny fandriampahalemana sy ny fandaminana teny amin' ireo toerana maro teto an dRenivohitra ihany koa ireo Polisy Monisipaly avy eto anivon'ny Kaominina; ireo mpamafa lalana ihany koa dia niasa andro aman'alina tamin' izany, mba ho fitandroana ny fahadiovana. Izany no natao dia mba hampiainana ny Malagasy am-pilaminana tanteraka sy mba ho fanohanana ny ekipan'ny Barean'i Madagasikara amin'izao CAN 2019 izao. Nilaza ihany koa ity farany fa mbola vonona tanteraka ny handray ny andraikitra ary manentana ny rehetra mba ho tony sy hiaina am-pilaminana sy ampahamendrehena izany CAN 2019 izany ny Malagasy rehetra. Ny Kaominina Antananarivo Re- nivohitra dia manohana tanteraka ny ekipam-pirenena Malagasy BARE-AN'I MADAGASIKARA ary manantena fa hody aty an-tanindraza-na ny amboaran'i Afrika amin'ity CAN 2019 ity. ALEFA BAREA!

***Lita***

DTMU (CUA)

## Nametraka ireo takelaby famantarana samihafa eny amin'ny arabe

Mba hialana amin'ny fitohanana lavareny sy ho fampahafantarana ny olona sy ny mpitatitra rehetra eto Antananarivo Renivohitra , amin'ny sehatry ny fifamoivoizana dia nisy ny fametrahana takelaby famantarana samihafa na « panneaux de signalisation », izay notontosain'ny avy ao amin'ny "Direction des Transports et Mobilité Urbaine", na DTMU, avy ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) , omaly. Faritra maro no nanatanterahan'izy ireo asa tamin' izany, toy ny tetsy :



*Ny fametahana takelaby famantarana nataon'ny CUA omaly.*

- Manjakaray-Ambodivona : fametahana ny " Panneaux Arrêt bus" vaovao, izay nafindra eny alohan' ny Super MAKI, fa tsy eo amin'ny Total intsony.
-67ha Coum Station JOVENA ihany koa dia nisy ny fametahana "Panneaux d'interdiction" an' ireo kamiao mihoatra ny 3,5 taonina.
-Anosy Ambohidahy Rond point, nosoloina "ny Panneaux d'interdiction "an' ny sarety, izay nisy nangalatra, mba ho fampahafantarana ireo sarety mbola mitady hivezivezy eny an-toerana .
-Ambohijatovo "Arrêt bus" Ankatso kosa dia nosoloina ireo "Panneaux d'Intediction arrêt bus" izay nisy nanala. Ny antontan'izao hetsika izao dia mba hialana amin'ny fitohanana sy ny fanarahan-dalàna ary fampahatsiahivana sy fampahafantarana ny olona sy ny mpitatitra maro samihafa eto Antananarivo Renivohitra . Ny kaominina ihany koa dia mamentana hatrany an'ireo mpitatitra sy mpandeha mba hanaja ireo "arrêt bus" voatokana ary ny fivezivezin'ireo fiara sy sarety amin'ny tokony ho izy. Tokony hanaja ireo fitaovana iombonana ihany koa ny vahoaka fa tsy hanimba sy hangalatra ireny "panneaux" ireny . Marihana fa mbola hitohy hatrany ny fametahana amin'ny faritra hafa ireo karazana takelaby fa tsy mijanona hatreo .

***Helisoa***

Boriboritany fahadimy (CUA)

## Nanadio ny teny amin'ny Artec Ivandry hatreny Alarobia

Mitohy hatrany ny asa fanadiovana tanterahin' ny fiadidina ny tanànan'Antananarivo Renivohitra. Teny amin'ny Artec Ivandry –Alarobia indray no nanatanteraka ny asa fanadiovana ireo ekipa teknika sy agent d'assainissement avy eo anivon'ny Boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny talata teo. Nandritra izany dia notapahina avokoa ireo bozaka manaraka ny sisin' ny Artec, nesorina ireo fako ary noraofina ireo fasika miangona rehetra. Tsy mifarana hatreo ny asa fanadiovana fa mbola hitohy hatrany hanatanterahana ny vinan-dRamatoa Ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra Lalao Ravalomanana satria Antananarivo dia soa iombonan'ny Malagasy, ka tokony ho tandrovana mandrakariva ny fahadiovan'ny tanàna.

***Aly***



*Ny fanadiovana nataon'ny Boriboritany faha-5.*

Mpanohana ny Radio Fahazavana

## Hifamotoana eny Ambatonakanga ny sabotsy 20 jolay izao

Eny amin'ny Fjkm Tranovato Ambatonakanga no hifamotoana ireo mpankafy sy mpanohana ny Radio Fahazavana. Ny Sabotsy 20 Jolay ho avy izao, no hifamotoana eny an-toerana izy ireo. Amin' ny folo ora sy sasany maraina no fotoanan'izy ireo amin'izany. Ankoatr' ireo mpankafy ny Radio Fahazavana dia ho tonga ao ihany koa ireo te-ho sakaizan'ny Radio Fahazavana, ka vonona hiara-hiasa sy hifanohana amin'izy ireo. Anisan'ny tompon'andrikitra ny rehetra tsy ankanavaka arak'izany amin'ity fihaonana ity, satria zava-dehibe loatra eo amin'ny fampandrosoana ny olona rehetra sy ny olona manontolo izany. Maro ihany koa ireo vaovao hifampizarana mandritry ny fihaonana amin'io andro Sabotsy io raha ny nambaran'ny tompon'andraikitry ny Radio Fahazavana ihany.

***Rajo***

## SARIITATRA : Ho japian'i Lavasanga indray ny fandresen'ny Barea




Anosizato

## Jiolahy 3 lahy nanolana vehivavy bevohoka 2 volana

Mpivady tratra alina andeha hody no nosakanana lehilahy miisa 03 rehefa tonga tany amin'ny toerana mangingina. Nodarohan'izy ireo ilay raim-pianakaviana, ka rehefa tsy nahatsiaro tena dia nalefany tao anaty tatatra. Ilay renim-pianakaviana izay nitondra vohoka 02 volana kosa dia nentin'izy ireo tamina toerana iray tsy lavitra teo, ka dia naolan'izy ireo ary mbola lasan'ireto olon-dratsy ny firavaka sy ny vola tany amin'izy mivady. Nitory tany amin'ny Polisy izy mivady ary nanao ny famotorana ny mpitandro filaminana. Fantatra ny toerana nipetrahan'ireto olon-dratsy, ka nidina ifotony avy hatrany ny Polisy saingy efa nitsoaka tsy tao intsony ireto jiolahy. Nitohy ny fikarohana ary tra-tehaka teny am-pampiadiana akoho teny Anosizato ny ray tamin'ireo jiolahy. Niaiky ny heloka vitany ity jiolahy ity ary fantatra fa mpirahalahy avokoa izy ireo no nanao io asa ratsy io. Mitohy ny fanadihadiana ataon'ny Polisy.

***Ny Valosoa***



*Jiolahy mpanendaka sady mpanolana.*

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitay amin'ny gazety Ny Valosoa : hafatse ho anareo deputes :
- olom- boafidy ianareo ho solon-tena ny vahoaka eto Madagascar, izany hoe hikatsaka ny tombotsoam-bahoaka, manana fahasahiana fa tsy ho pisoleladelaka ny gouvernement na ny eny am presidence.
- ho mpanara-maso ny gouvernement ianareo dikan'izay tsy mila miara- miasa fa samy manana ny andraikiny, koa diso lalana sahady ianareo ny hisafidy ny hiara- miasa am lem, satria fa tsy mpamerin- doha ianareo fa hiray tsikombakomba amin' ny fanambakana vahoaka izay mety hisy. Koa tsy olon- kendry efa manambara tsy fahamendrehana tanteraka ny fikokoana tsikombakomba amin' ny mpanantanteraka. Manàna fahasahiana hanara- maso sy hamoaka ny tsy mety ataon' ireo mpanatanteraka. Marina, tsara ny mahazo seza sy vola fa tsara lavitra ny ijoroana amin'ny maha ianao anao, ary mbola tsara lavitra noho izany ny ananana firenena mandroso, fa tsy ny hiborosy kiraro, na hisoleladelaka ny nisafidianana anareo.

***Elahisaore Emahavatse***
***Mpamaky ty Gazety Ny Valosoa***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Fanja R**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**06/07/19 hatramin'ny 13/07/19**

- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17
- **NANISANA** (Route de Nanisana) 020 22 520 29/032 03 520 29/034 05 750 29
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 928-07-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

VOKA-BARY ETO MADAGASIKARA

## Olana ny fitaovana sy ny masomboly

Anisan'ny olana ho an'ny tantsaha mpamokatra eto Madagasikara ny tsy fahampian'ny fitaovana sy ny masomboly enti-mamokatra. Ezaka miandry ny fitondram-panjakana amin'ny alàlan'ny ministeran'ny fambolena sy ny fiompiana ny fampitomboana, dimy na enina isan-jato ny voka-bary eto Madagasikara, satria hatramin'izao dia mbola manafatra vary manodidina ny dimy hetsy taonina isan-taona i Madagasikara vao ampy amin ny filan'ny vahoaka malagasy. Tanjon'ny fitondram-panjakana mantsy ny fahavitan-tena arabary hatramin'ny taona 2020. Taorian'ny fitondran'ny filoha, Marc Ravalomanana dia tsy voajery mihitsy ny tantsaha malagasy nandritry ny fitondrana nifanesy teto. Vao mainka aza niampy ny fanonganam-panjakana tamin'ny fitondrana tetezamita, ka nampidina ny fari-piainan'ny malagasy noho ny fitotonganan'ny harin-karena teto amintsika. Mahatsapa ny ministeran'ny fambolena sy ny fiompiana, fa mila ezaka ny fampitomboana ny vokabary eto Madagasikara, ka raha tsy ireo tantsaha mpamokatra no tohanana dia tsy ho tafavoaka mihitsy ity nosintsika ity.

***Rajo***

Fanjifana

## Tsy misy solika ny any Mandritsara



*Toeram-pitsinjarana solika any Mandritsara.*

Tsy misy solika na lasantsy ny any Mandritsara faritra Sofia amin' izao fotoana. Sahirana arak'izany ny olona mampiasa milina mandeha amin'ny lasantsy toy ny Moto, Bajaj, fitotoam-bary, ... Ny talata teo no voalaza fa tokony ho tonga any an-toerana ny solika toy ny gazoala, lasantsy ary solitany fandrehitra. Hatramin'izao fotoana anoratana izao anefa, mbola tsy tonga any an-toerana izany anjara solik'i Mandritsara izany. Misy ihany koa ny feo miely fa misy ihany ny lasantsy any an-toerana, fa tsy mahafaly an-dry zareo mpandraharahan'ny solika any ny fampidinana ny vidiny, voalaza fa misy noho izany ny manafina solika, mba hahafahan' izy ireo mampiakatra ny vidiny. Ho hitantsika eo ny tohiny.

***Aly***

Andina, Ambositra

## Mitobaka ny voatabia miandry mpividy

Miaka-bokatra ny any Andina distrikan'Ambositra faritra Amoron'i Ma-nia amin'izao fotoana. Mitobaka ny vokatra voatabia, vokatra natoraly sady tsara kalitao. Fotoanany rahateo izao any an-toerana. 14000 Ariary izao ny iray sobika, miandry mpanangom-bokatra. Ny voata- bia dia vokatra azo atao lasary, azo atao saosy amin'ny laoka, azo atao jus na ranom-boankazo avy amin'ity vokatra ity. Kaominina i Andina, miorina any amin'ny 17 km andrefan' ny tanànan' Ambositra, renivohitry ny faritra Amoron'i Mania. Talata sy zoma ary alahady ny tsena ao Andina, fa ny andro zoma no tena be mpivarotra.

***Aly***




*Vokatra voatabia, maro tokoa any amin'ny kaominina Andina.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 285**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0284)

***Mitsivalana***
- Kolikoly
- Kamory (Miv)
- Matoa (Miv)
- NN – Mbola
- Janoary
- No
- Sokatra

***Mitsangana***
- Kianja
- Orona
- Lot(o) – Nao
- Imamo
- Kambana
- (B)ok(y) – Toro (Miv)
- Oly
- Ampy (Miv) – Rà

### TENY MIFANARAKA N° 285




**Mitsivalana**

**1.** Mandefa eritreritra **2.** Marary saina (Miv) – Tsirin-teny Mpanao **3.** Tampisaka – Renirano malaza **4.** Fivoriambe – Antsibe maro loko (Miv) **5.** Vizana – Mahantra – Tsofoka **6.** Faritra malaza **7.** Hita amin'ny fery (Miv) – Fafa (Miv) **8.** Ilay naterakao **9.** Fizaran-taona (Miv) **10.** Mangata-pitahiana

**Mitsangana**

**A.** Tsy manaiky – Milaza fananana **B.** Raisina **D.** Fanampin'anarana – Ahy sy azy ireo **E.** Litera mitovy – Zava-maitso **F.** Aba – Nivazo (Miv) **G.** Zanaka aman-jafiny **H.** Voankazo – Zanatsoratra telo samy hafa **I.** Mampisafidy – Marina – Lalampirenena **J.** Manao fihaonambe – Fanekena **K.** Hekitara – Mpanjaka (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0284

***Mitsivalana***

1 Fetra – Dago 2. Siny – Nif(y) 3. Naoty – Atao 4. Androany 5. Dorana – TF 6. Ila – Harato (Miv) 7. Navotana 8. Avo – TV 9. Na – Indrisy 10. Anao – Rafia

***Mitsangana***

A. Fanadinana B. Navalona (Miv) D. Tsodrano E. Ritra – Io F. Novanoina (Miv) G. Aato – Dr H. An – Atero I. Antitra – If J. Gia – Fantsy K. Mofo (Miv) – Havia




## FILAZANA MANJO



[illegible]

**JACOB Haingonirina**

Dia nodimandry ny 07 Jolay 2019 rehefa nivahiny 43 taona teto an-tany

HOY

**Ny zanany:**

JACOBSON Jess Etoile

RAFANIRIANTSOA HAINGO Lalaina Mariette Françia

SITRAKINIAVO Fandresena

**Ny Reniny: BATSILY Mariette**

**Ny iray tampo aminy**

RANDRIANJAKA Jean Eric mivady sy ny zanany

**Ny Fianakaviana manontolo**

**Ny Minisitera ny serasera**

**Ny Mpiara-miasa ao amin'ny RNM – ORTM**

**Ny fikambanana ALJM**

**Ny Mpiara-miasa ao amin'ny Commune Urbaine d'Antananarivo**

**Ny Fokontany Anosipatrana Atsinanana**

**Ny Fokontany ao Madera Namontana**

Ny nofony dia hiala ao an-tranony **Lot IVY 97 SV Anosipatrana Atsinanana** ny **Talata 09 Juillet 2019** amin'ny …… **ora** ary ho entina any **Manakara faritra** vatovavy fitovinany ary hasitrika ao amin'ny fasan-drazany ao Tsarinentso Vohipeno.

*"Efa niady ny ady tsara aho; nahatanteraka ny fihazakazahana aho ; nitahiry ny finoana aho"*

**II Timoty 4: 7**

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny solontenan'ny OJM nitsapa alahelo ny fianakavian'i Jacob Haingonirina teny Anosipatrana**



